



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Nihaona tamin'ireo vehivavy mpandraharaha tao Maorisy ny vadin'ny filoham-pirenena Mialy Rajoelina

Nahazo fanasàna hanatrika ny fihaonan'ny vehivavy mpandraharaha tao Maorisy ny vadin'ny filoham-pirenena, Mialy Rajoelina androany 11 marsa 2019 izay natao tao amin'ny National Women Entrepreneur Council (NWECE). Fihaonana izay nokarakarain'ny Minisitera misahana ny fampiroboroboana ny fitovian'ny lahy sy ny vavy, ny fampandrosoana ny ankizy sy ny fanatsarana ny fari-piainan'ny fianakaviana eny an-toerana. Izao hetsika izao moa dia mbola tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny faha-51 ny fahaleovantenan'ny Nosy Maorisy sy ny faha-27 taonan'ny Repoblikan'i Maorisy.

Manohana sy manome tanana ary manampy ireo vehivavy amin'ny fanorenana sy fitantanana ara-bola sy ara-tsosialy mba hahafahan'izy ireo manana fahalalahana sy fahafahana no tena antom-pisian'ny NWECE. Nandritra ny fandraisam-pitenany, ny vadin'ny filoham-pirenena Mialy Rajoelina dia naneho ny fahavononany hatrany hanamafy ny fandraisany anjara amin'ny ady amin'ny fiarovana ny zon'ny vehivavy sy ny fanomezan-danja ny vehivavy eo anivon'ny tokatrano sy ny fiarahamonina. « Manana anjara toerana lehibe ary mandray anjara biriky mavitrika ny vehivavy eo amin'ny fampandrosoana ny firenena. Na dia eo aza ireo vehivavy iharan'ny fampijaliana maro isan-karazany sy ireo tsy an'asa, mbola maro ihany koa ireo tsy nandia fianarana sy miaina ao anaty fahantrana lalina ka voatery miady mafy isanandro hamelomany ny fianakaviany, dia misy ihany kosa ireo nanana fahafahana namita fianarana ka misahana andraikitra ambony eo amin'ny firenena » hoy ihany izy. Notsahiviny ihany koa fa nanomboka ny taona 2010, taorian'ny nandalovan'ny rivodoza mahery vaika teto Madagasikara dia nandray ny andraikitra tandrify azy ramatoa Mialy Rajoelina amin'ny fanampiana ara-tsosialy ny reny sy ny zaza ka nahatonga azy nanangana ny fikambanana Fitia izay miasa hoan'ny fanohanana ireo vondron'olona marefo. Anisan'ny voakasik'izany ny lafiny fahasalamana, ny fampianarana, ny fiarovana ny tontolo iainana, ny fampiroboroboana sy famporisihana ny vehivavy hiditra amin'ny sehatry ny fandraharahana ary ny fanomezan-danja ny tanora. Amin'ny maha-filohan'ny PAESFA azy dia miasa ao amin'ny sehatry ny fampiroboroboana ny toekarena maharitra ihany koa ramatoa Mialy Rajoelina. Izay no antony nananganany ny orinasa « Malagasy Éthanol » izay

vao notokanana tany Ambilobe ny herinandro lasa teo. Nitsidika ny orinasa lehibe iray mpamokatra éthanol sy mpanodina fary ao Maorisy moa ny filohan'ny repoblika Andry Rajoelina mivady. Orinasa lehibe izay manaraka ny teknolojia avo lenta izy ity anefa mitahiry ny fikirakiràna ny vokatra fary. Ny fary izay fanoitra ara-toekarena voalohany tao amin'ity nosy rahavavy ity satria tany am-piandohàna dia tsy nanana afa-tsy ny fary i Maorisy nentina nampiroborobo ny toekareny kanefa dia izao efa tonga ho isan'ireo firenena mihazakazaka any amin'ny fampandrosoana izao izy ireo. Taorian'ny fihaonana tamin'ireo vehivavy mpandraharaha maorisiana tao amin'ny «National Women Entrepreneur Council» dia nitsidika ny varotra fampiratiana ireo taozavatra sy asa-tanana vitan'ny vehivavy sy ny fikambanam-behivavy ao Maorisy ny vadin'ny filoham-pirenena. Nitsidika ihany koa ireo toeram-panofanana informatika sy zaitra ary ireo efitrano fandraisana fitarainana sy fanampiana ireo vehivavy hiaran'ny herisetra.

Fiadidiana ny seraseran'ny repoblika

11-03-2019